



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-49 EX

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, MANOMBOKA NY
ALAROBIA 4 MARTSA 2020 KA HATRAMIN'NY ALAHADY 15 MARTSA 2020**

Fivoriana Faharoa
Natao ny
Alarobia 4 Martsa 2020
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: -Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica
-Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Alarobia 4 Martsa 2020, tamin'ny 6 ora, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, manomboka ny Alarobia 4 Martsa 2020 ka hatramin'ny Alahady 15 Martsa 2020.

Nitohy ny Alarobia 4 Martsa 2020, tamin'ny 6 ora, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, niangavy avy hatrany ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe, Kestora Fahatelo.

Taorian'izay, niangavy azy indray, Ramatoa Filoha, hamaky ny famintinana ny fivorian'ny "Conférence des Présidents" ny Alarobia 4 Martsa 2020, tolak'andro, ka toy izao no fivakin'izany.

Nivory ny Alarobia faha-4 Martsa 2020, nanomboka tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana; natolotra avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia faha-4 Martsa 2020 tamin'ny 1 ora, atoandro.

Taorian'ny fanazavana sy adihevitra, toy izao ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alarobia faha-4 Martsa 2020 ka hatramin'ny faran'izao fivoriana tsy arapotoana izao izay tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia faha-4 Martsa 2020 amin'ny 5 ora, hariva, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

ORDRE DU JOUR

Pour la période du **Mercredi 04 Mars 2020** au **Dimanche 15 Mars 2020**

MERCREDI 04 MARS 2020

11H 00: OUVERTURE DE LA PREMIERE SESSION EXTRAORDINAIRE 2020 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE

13H 00: Réunion des Membres du Bureau Permanent

15H 00: Conférence des Présidents-Salle BP

17H 00: Adoption de l'ordre du jour

JEUDI 05 MARS 2020

8H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - Salle BP

Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation (saisie au fond)
Commission Juridique (saisie pour avis)

Projet de loi n°001/2020 du 26/02/2020 portant ratification des ordonnances:

-2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums

-2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique 2015-007 du 3 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar

Commission des Ressources Stratégiques (saisie au fond)
Commission Juridique (saisie pour avis)

-2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant code minier

08H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - Salle des Séances

Commissions des Travaux Publics (saisie au fond)
Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière (saisie pour avis)

Projet de loi n°002/2020 du 26/02/2020 portant ratification des ordonnances:

-2019-001 du 10 mai 2019 relative au patrimoine routier

Commission Juridique (saisie au fond)

-2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'ordre national

-2019-015 du 15 juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites

Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique (saisie au fond)

Projet de loi n°003/2020 du 26/02/2020 portant ratification des ordonnances:

-2019-008 du 15 juillet 2019 portant abrogation totale de la loi n°2017-011 du 28 juillet 2019 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée

Commissions des Travaux Publics (saisie au fond)

Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière (saisie pour avis)

-2019-012 du 15 juillet 2019 abrogeant les dispositions de la loi n°97-035 du 1^{er} décembre 1997 portant création du Fonds d'Entretien Routier

-2019-013 du 15 juillet 2019 abrogeant les dispositions de la loi n°2005-046 du 24 avril 2005 portant création de l'Autorité Routière

16H 00:

SEANCES PLENIERES - Salle des Séances

Projet de loi n°001/2020 du 26/02/2020 portant ratification des ordonnances:

-2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines disposition de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums

-2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique 2015-007 du 3 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement de Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar

-2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant code minier.

Projet de loi n°002/2020 du 26/02/2020 portant ratification des ordonnances:

-2019-001 du 10 mai 2019 relative au patrimoine routier

-2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'ordre national

-2019-015 du 15 juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites

Projet de loi n°003/2020 du 26/02/2020 portant ratification des ordonnances:

-2019-008 du 15 juillet 2019 portant abrogation totale de la loi n°2017-011 du 28 juillet 2019 portant Politique Nationale du Cinéma et de l'Image Animée

-2019-012 du 15 juillet 2019 abrogeant les dispositions de la loi n°97-035 du 1^{er} décembre 1997 portant création du Fonds d'Entretien Routier

-2019-013 du 15 juillet 2019 abrogeant les dispositions de la loi n°2005-046 du 24 avril 2005 portant création de l'Autorité Routière

VENDREDI 06 MARS 2020 au JEUDI 12 MARS 2020

Eventuellement deuxième lecture de ces 3 Projets de loi

VENDREDI 13 MARS 2020

ou

SAMEDI 14 MARS 2020

ou

DIMANCHE 15 MARS 2020**15H 00: CLOTURE DE LA PREMIERE SESSION EXTRAORDINAIRE 2020 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

Fisaorana no nasetrin-dRamatoa Filoha an'Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe, tamin'ny fanaovany ny fiantsoana anarana sy ny famakiany ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des présidents".

Rehefa izany, nanontany ny Solombavambahoaka izy raha toa misy manana fanamarihana na fanitsiana momba ny volavolan-pandaharam-potoana vao novakiana teo.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, sosokevitra no natolony hoe: sao tokony hanao "travaux de nuit" ny Solombavambahoaka satria ny Alakamisy 5 Martsa 2020 dia efa hiroso amin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory. Raha ny fotoana eto no jerena, tery loatra, ka izay no mahatonga ahy manolotra izany. Tokony hisy ihany koa "séance de présentation" hataon'ireo teknisiana avy amin'ny Minisitery momba ireo volavolan-dalàna ireo. Tokony hasiana "commission plénière" ary aorian'izay, miroso amin'ny "adoption globale" isika. "Ratification" no hataontsika ka tsy hisy adihevitra intsony any amin'ny Asam-baomiera, fa na manaiky isika na mitsipaka. Izay no fahitako azy.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine kosa rehefa nahazo fitenenana dia nangataka mba hatao ny Zoma 13 Martsa 2020 ny lanonam-pamaranana izao fivoriana tsy ara-potoana izao raha mety.

Taorian'izay, nanazava Ramatoa Filoha, fa ny Alahady 15 Martsa 2020 no tokony ho tapitra ny fivoriana kanefa andro tsy fiasana io andro io; tahaka izay koa ny Sabotsy 14 Martsa 2020. Noho izany, ezahana hofaranana ny Zoma 13 Martsa 2020 ny fivoriana kanefa miankina amin'ny fahatongavan'ny "lecture" avy any amin'ny Antenimierandoholona izany. Raha toa ny Zoma 13 Martsa 2020, alina, vao tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ny "lecture", tsy afaka ny hamarana ny fivoriana amin'io andro io isika satria mbola misy ny Sabotsy 14 Martsa 2020 sy ny Alahady 15 Martsa 2020 izay tokony hifaranany.

Nanamarika kosa Andriamatoa HENRI Jean Michel, rehefa nomen-dRamatoa Filoha fitenenana, fa nanatrika «Conférence des Présidents» ny tenany kanefa tsy voasoratra ao ny anarany ka tokony hampidirina amin'izany lisitra izany.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert ary nilaza fa zava-dehibe ho an'ny firenena ireo "ratifications" ireo, ka tokony hajaina ny pitsopitsony rehetra ahafahana manatanteraka izany. Aleo arahana ny fandaharam-potoana efa napetraka noho izay antony eo ambony izay.

Taorian'izay, namaly Ramatoa Filoha, fa tsy manambara ny anaovana "commission plénière" amin'ny fandaniana "projets de loi de ratification des ordonnances" ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena raha andininy ao aminy no jerena.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Sosokevitra roa no nisongadina araka ny fandraisana fitenenana teo: ny voalohany, naroson'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa; ny faharoa hotazonina amin'izao endriny izao ny fandaharam-potoana.

Mikasikany sosokevitra voalohany; rehefa natao ny tsangan-tànana, tsy nisy nanaiky ny Solombavambahoaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny sosokevitra voalohany naroson'Andriamatoa Solombavambahoaka teo.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 75 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 4 Martsa 2020 ka hatramin'ny Alahady 15 Martsa 2020.

Taorian'izay, nanontany ny solotenan'ny Governemanta izy raha toa misy teny tiany hambara mikasika ny fandaharam-potoana vao noliana teo.

Tsy nanan-kolazaina momba ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ny solotenan'ny Governemanta. Noho izany, nomena alalana hamonjy ny adidy hafa izay mbola hosahaniny izy.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka RAZAFINANDRASANA Raulan ary nanontany an'Andriamatoa Kestora Voalohany raha misy "avance" tokony homena ny Solombavambahoaka mba hamonjena ny fetin'ny 8 Martsa.

Mety ho azo jerena ihany ny momba izay fangatahana izay na tsy tafiditra tao anaty lahadinika aza, hoy Ramatoa Fioha namaly an'Andriamatoa Solombavambahoaka.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa hisy ireo Asam-baomiera rahampitso Alakamisy 5 Martsa 2020 amin'ny 8 ora, maraina, handinihana ny volavolan-dalàna miisa telo izay naroso tamin'ity fivoriana tsy ara-potoana ity. Ny Alakamisy 5 Martsa 2020, amin'ny 4 ora, tolak'andro ihany, ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika azy ireo.

Nitaona ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana ireo Asam-baomiera sy ny fivoriambe ny tenany.

Niato tamin'ny 6 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

FICHE DE PRESENCE
CONFERENCE DES PRESIDENTS

DATE: 04 Mars 2020

HEURES: 15H 00

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RASOLONJATOVO Honoré	Vice-Président
3	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
4	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Président
5	MICHELLE BAVY Angelica	Vice-Président
6	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
7	RABENIRINA Maminiaina	Troisième Questeur
8	RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina	Rapporteur Général Adjoint

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des Ressources Stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD
02	Commission de la Défense	VELOMAHAZO Patrice	IRD
03	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboahangy	IRD
04	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
05	Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
06	Commission Juridique	IDEALSON	Indépendant
07	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
08	Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts	RAKOTOZAFY José Alain	IRD
09	Commission du Transport et de la Météorologie	RAJOELINA ANDRIAMIHARIMANANA Seth	IRD

10	Commission des Travaux Publics	RASALAMA Léon	IRD
11	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
12	Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique	RASOLONIAINA Norbert	Indépendant
13	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
14	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD
15	Commission de la Population et de la Protection Sociale	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
16	Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique	CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot	IRD

PRESIDENT DU GROUPE PARLEMENTAIRE

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOM ET PRENOM
1	IRD	VELONTSARA Paul Bert

Représentant du Gouvernement

YAMICOLE Frackline.....Chef SRI/PRIMATURE